# Nahoana moa no Misy ny Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina?

Alaivo sary an-tsaina hoe raim-pianakaviana handao ny zanakao ianao, ary fantatrao fa tsy hahita azy ireo intsony ianao mandra-pahatongan'ny Fanjakan'ny Lanitra. Inona no zavatra tena manan-danja azonao lazaina amin'izy ireo?

Nanana izany olana izany Jesosy rehefa niomana hiverina any an-danitra Izy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty. Manao ahoana no vesatry ny teny farany nataony tamin'ireo mpianany? Rehefa mamaky ny vavaka nataony sy ny toro-hevitra farany nomeny ao amin'ny Jaona 15-17 isika, dia mahita loha-hevitra miverimberina: ny firaisana, ny fitiavana, ary ny fikatsahana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka. Niriany Jesosy mafy io fiangonany vao natsangany io mba hiombona ho amin'ny tanjona iraisana, ny firindrana ary ny iraka. Amin'izao ankehitriny izao, ao anatin'ny fanatotoloana izay mety tsy mbola nisy toa azy teto amin'izao tontolo izao; ny firenentsika sy ny fiangonantsika dia mila ihany koa manaraka ny toro-hevitra nomen'i Jesosy amin'ny alalan'ny fikatsahana ny Fanahiny, ka hiara-manatanteraka ny iraka nomeny. Toa manahiran-tsaina sy sarotra tanterahana amin'ny maha-olombelona antsika izany andraikitra izany. Izany no antony tokony hivavahantsika mihoatra noho ny tany aloha, mba hahatanteraka ilay fahagagana fampihavanana izay Andriamanitra irery ihany no afaka manome izany.

Manasa anao izahay hivavaka "ao amin'ny efitranonao." Manasa anao izahay hivavaka miaraka amin'ny fianakaviamben'ny fiangonanao eo an-toerana. Ary manasa anao ho amin'ilay tetik'asa vavaka sy ny fifadian-kanina ho amin'ny Fifohazana sy Fanavaozana maneran-tany. Mety tsy hifidy ny hifady hanina amin'ny fahafenoany ianao. Angamba mety hifady ireo tsindrin-tsakafo samihafa fotsiny ianao, na hifady ireo tamba-jotra sosialy samihafa, fa hihinana kosa ampahan-tsakafo kely azo avy amin'ny zava-maintso mandritra ny fotoana voafetra.

"Ankehitriny sy mandra-pifaran'ny fotoan'andro, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho hafana fo kokoa, hifoha kokoa, ary tsy hitoky amin'ny fahendreny manokana, fa amin'ny fahendren'Ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana andro hivavahana sy hifadiana hanina izy ireo." (Ellen G. White, *Review and Herald*, 11 Feb. 1904).

Eo am-pifidianana ny hifantoka lalindalina kokoa amin'ny vavaka, dia hitahy anao anie Andriamanitra ary hampiorina ny fonao amin'ireo andro sarotra ho avy.

Cindy Tutsch
Ho an'ny Komity Fifohazana sy Fanavaozana

# Soso-kevitra Hanaovana Drafitra

• Andininy Fototra: Salamo 127:1; Deoteronomia 7:9
• Toriteny na loha-hevitra azo hatao ho an'ny fiangonana:
***Nantsoina Voalohany Indrindra ho Misionera ao An-tokantrano***
***Mitolona ho an'ny Tokantrano***
***Ny Fanirian'Andriamanitra ho an'ny Tokantrano***
***Ny Faritra Masina ao An-tokantrano***

• Tantara natokana ho an'ny ankizy: Tantaran'olona manokana sy ny lesona azo tsoahina

Namorona ny ankohonana ho ekipa matanjaka ho fanomezam-boninahitra Azy Andriamanitra! Mampalahelo raha rava izany ekipa izany. Raha tsy misy fototra mafy orina sy toro-hevitra ao an-tokantrano, dia matetika ireo ankizy no mifidy ny làlany manokana. Ny sasany dia miaina herisetra sy heloka bevava; ny sasany dia mandao ny sekoly fanabeazana; ny sasany dia manorina ny ankohonany manokana na dia mbola tsy ampy fahamatorana ka afaka hiatrika izany andraikitra izany aza. Izay hiainan'ny fianakaviana, dia hiainan'ny fiangonana, hiainan'ny fiarahamonina . . . ary hiainan'izao tontolo izao! Ny vaovao mahafaly anefa dia, na dia avy amin'ny tokantrano rava aza isika, dia afaka manampy antsika hamorona làlam-baovao ho an'ireo taranantsika ho avy Andriamanitra.

Zarao ny tantaran'ny ankizy iray avy amin'ny tokantrano rava, izay nahavita zava-dehibe ho an'Andriamanitra (ohatra Ben Carson). Angamba nanana ray aman-dreny nivavaka io ankizy io. Raha tahaka izany ianao dia zarao ny tantaranao manokana! Ampiasao koa ny Genesisy 50:20 mba hanamafisana ny hevitrao.

**Azo Hisafidianana:** Eo am-pamaranana ianao dia tariho ny ankizy hihira ny hira "With Jesus in the Family, Happy, Happy Home" (Faly, Faly Miaraka amin'i Jesosy ao An-tokantrano) na hira hafa toy izany.

• **HO AN'NY MPITARIKA:** Misy programa fiaraha-mivavaka manokana ny tolakandro. Manoso-kevitra izahay ny mba hanokanana ora roa fara-fahakeliny mandritra izany fotoana izany. Na izany aza, dia maro ireo manao drafitra hivavaka mandritra ny tolakandro manontolo. Avelao ny Fanahy Masina hitarika izay rehetra mikasika ny fotoana.

• **HO AN'NY MPITARIKA:** Jereo ny "Toro-hevitra ho an'ireo Mpitarika ny Fotoam-bavaka" (pejy 8, 9).

• **HO AN'NY MPITARIKA SY IREO MPANDRAY ANJARA:** Aoka homanina ny taratasy misy ireo loha-hevitry ny vavaka: "Mivavaka ho an'ny Ankohonantsika (Drafitry ny Vavaka)," ary toy

izany koa ireo antom-bavaky ny Fiangonana Maneran-tany (pejy 10, 11) izay natokana ho an'ny mpandray anjara.

• **HO AN'NY MPITARIKA SY IREO MPANDRAY ANJARA:** Aoka hanonta printy ireo "Vavaka sy Teny Fikasana ho an'ny Faritra Masina ao An-tokantranonao," izay natokana ho an'ny mpandray anjara mandritra ny vavaka hataon'izy ireo ianao. Manoro hevitra anao izahay hanao izany ho takelaka ambadika sy ambadika "recto-verso" (jereo ny Pejy Fanampiny, pejy 17-21).

• **HO AN'NY MPITARIKA:** Nanomana toriteny ho amin'io Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina io izahay: "Ny Faritra Masina ao An-tokantrano" (jereo ny Pejy Fanampiny, pejy 13). Azo zaraina mialohan'ny fotoam-bavaka na azo ampiasaina ho mandritra ny fotoanan'ny toriteny izany raha ilaina.

# Ireo Zavatra Tokony Ho ao An-tsaina Mikasika ny Fifandian-kanina:

Na dia tsy ny rehetra aza no afaka mifady sakafo, dia amporisiho ireo afaka mba hifady zavatra manokana ny maraina sy ny antoandro amin'io andro manokana io.

Ireo mety ho karazana fifadian-kanina azo hatao dia: ny fifadiana rano, ny fifadiana ranom-boakazo, ny fifadian'i Daniela, ny fifadiana tsindri-tsakafo/na sakafo mavesatra, ny fifadiana ireo tambazotra sosialy, sns. Hamporisiho ny mambra hivavaka sy hangataka amin'Andriamanitra mba hanehoany azy ireo ny karazana fifadiana izay tokony hataony.

Na dia "nomena" ao amin'ny Baiboly aza ny fifadian-kanina (jereo ny Matio 6:16), dia tokony hotsaroantsika fa tsy fanalahidy majika handraisana fanamarinana na fitahiana izany, ary toy izany koa ireo fitsipika ara-panahy hafa hianantsika. Tsy afaka hahazo fitahiana na valim-bavaka avy amin'Andriamanitra isika noho ny fifadian-kanina hataontsika, toy ny tsy hahafahantsika manolotra famonjena ho an'ny tenantsika manokana. Ny fifadian-kanina ihany koa dia tsy afaka misolo ny fankatoavana, na ny fanoloran-tena manokana, ary ny fitiavana toy ny fitiavana nananan'i Kristy. Raha ny marina, dia lazaina amintsika fa: "ny fifadian-kanina na ny vavaka izay voahetsiky ny fanahy manamarin-tena dia fahavetavetana eo imason'Andriamanitra" (Ellen G. White, *The Desire of Ages*, p. 280).

Na izany aza, raha toa ka mifidy ny tsy hifady hanina ny olona, dia tsy tokony hakiviana izy ireo tsy handray anjara amin'ireo hetsika natokana amin'io andro fiaraha-mivavaka io. Tsarovy fa fatantr'Andriamanitra ny fo, ary ny fanapahan-kevitra hifady hanina na tsia (na ny fomba hifadiana hanina) dia tokony ho an'Andriamanitra sy ilay olona voakasika ihany, fa tsy izay mety ho fiheveran'ny hafa.

Ny tanjona fototra amin'io Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina io, dia ny fanalavirana ny fiheveran-tena manokana, ka hanatanteraka kosa vavaka fanelanelanana ho an'ny hafa. Raha eo am-pikatsahana ny Tompo amin'ny fo feno fanetren-tena, ka manalavitra ireo zavatra mahavariana eto an-tany isika, dia hanana fomba fisainana vonon-kandray misimisy kokoa izay tian'Andriamanitra hatao eo amin'ny fiainantsika sy amin'ny alalan'ny vavaka hasandrantsika.

Araka ny nambaran'i pasitora Derek Morris manao hoe: "mifady izay avy amin'izao tontolo izao isika mba hahafahantsika mifaly ao amin'i Jesosy!"

# Soso-kevitra Mikasika ny Programa

Toerana: Miaraha mivory ao amin'ny trano fiangonana masina ho fanombohana ity fotoam-bavaka ity.

**Fanombohana ny Fotoam-bavaka:** Aorian'ny fanatanterahana hira vitsivitsy ho fametrahana rivo-panajana masina, dia aoka ny tompon'andraikitry ny hira hanomboka amin'ilay hira hoe: "Love in Home" (*Adventist Hymnal*, # 652), satria maniry hivavaka isika ahazoan'Andriamanitra manana ny làlany eo amin'ny tokantranontsika.

**Vavaka Fanombohana sy Fiarahabana:** Aoka ny lehiben'ny Sampana Vavaka na olona notendrena manokana hiarahaba tongasoa ny rehetra amin'io fotoam-bavaka io. Ampahafantaro avy eo ny hafatra fototra mitondra ny lohateny hoe "Ny Faritra Masina ao An-tokantrano" (jereo ny pejy 12). Tohizo amin'ny famakiana ny Salamo 127: 1 avy eo

**Toromarika:** Manomeza toromarika momba io fotoam-bavaka hatrehina io. Jereo ny "Toro-hevitra ho an'ireo Mpitarika ny Fotoam-bavaka" (pejy 8, 9) izay ahitana ny vavaka ilaina hamafisina, ary jereo toy izany koa ny fotoana tolakandro. Omano ireo taratasy mirakitra ireo drafitry ny vavaka natokana ho amin'io Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina io (pejy 10, 11). Omano ihany koa ireo taratasy mirakitra ny " Vavaka sy Teny Fikasana ho an'ny Faritra Masina ao An-tokantranonao" (jereo ny Pejy Fanampiny, pejy 17-21).

**Fotoam-bavaka Hatrehina:** Tokony haharitra adiny roa fara fahakeliny io fotoana io, ka ao anatin'izany ny fotoana ahafahan'ny fianakaviana miara-mivavaka. Ireo izay tsy manana olona ao anatin'ny fianakaviany manatrika io fotoam-bavaka io dia afaka mivondrona ho tarika manokana ka hiara-mivavaka. Haingana no hanatanterahana io fotoana io. Maro no mankafý ny fandaniana ny tolakandro manontolo amin'ny vavaka. Miezaha anefa hifantoka amin'io fotoam-bavaka hatrehina io, fa tsy ho lany fotoana amin'ny resabe na toriteny lava reny. Andro natao hivavahana io andro io!

**Famaranana:** Rehefa mamarana ny fotoam-bavaka dia mihirà hira fiderana vitsivitsy, ary misaora an'Andriamanitra noho ny amin'ireo zavatra hataony. Amporisiho araka izay azo hatao ny mambra hanohy hitaky ny Teny Fikasana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra rehefa mivavaka ho an'ny fianakaviany sy miaraka amin'ny fianakaviany izy ireo.

**Famaranana ny Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina:** Aoka hanomana fiaraha-misakafo na sakafo hariva ho famaranana ny fifadian-kanina, amin'ny maha-fianakaviambe iray ny fiangonana manontolo.

# Toro-hevitra ho an'ireo Mpitarika ny Fotoam-bavaka

Raha ampirisihina hivavaka imbetsaka ny olona, dia aoka ampahatsiahivina azy ireo fa zava-dehibe ny **mihazona ny vavaka ataon'ny isambatan'olona ho fohy**. Ellen White dia manoratra manao hoe: "Manaova vavaka fohy mandritra ny fotoana fivoriana, ary vavaka lava kosa rehefa miresaka sy mifandray amin'Andriamanitra ao amin'ny efitranonao ianao" (Ellen G. White, *Manuscript Relea*ses, Boky Faha-10, p. 130). Noho izany, na dia ela aza ny faharetan'ny fotoam-bavaka dia tsy tokony ho lava ny vavaka hataon'ny isambatan'olona. Ny fanaovana vavaka fohy dia mihazona ny fotoam-bavaka ho mamelombelona. Mampifamatotra ny fon'ny mambra ary mihazona ny olon-dehibe sy ny ankizy tsy ho mora laony izany.

Mamporisika anao izahay hanomboka amin'ny alalan'ny fotoana fiderana sy fiaiken-keloka alohan'ny tena hanombohana ireo vavaka mifanaraka amin'ireo loha-hevitra samihafa. Araka ny Salamo 100: 4 dia tokony hiditra eo amin'ny vavahadin'Andriamanitra amin'ny fiderana isika. Ary araka ny Salamo 66:18 sy ny Isaia 59: 1, 2, raha tiantsika ny hihainoan'Andriamanitra ny vavaka ataontsika, dia tsy maintsy miaiky ny fahotantsika isika ka manalavitra azy ireny.

Raha hantomboka amin'ny fiderana sy ny fiaiken-keloka ny fotoam-bavaka, dia azonao hatao ny manomboka izany ka manao hoe: "Tompo ô, tonga eto anatrehanao amin'ny fo feno fiderana izahay anio. Mialoha ny hanoloranay Anao ny fangatahanay ho an'ny tokantranonay sy ny fianakavianay, dia maniry hanokana minitra vitsivitsy hiderana ny Anaranao izahay. Misaotra Anao satria Mpanjaka mahery sy Mpamonjy anay Ianao."

Rehefa avy eo dia avelao ny hafa hivavaka ihany koa. Raha irinao hotsinjaraina ho tarika vitsivitsy miara-mivavaka ny rehetra, dia aoka hatomboka miaraka amin'ny maha tarika lehibe iray aloha io fotoana io. Avy eo vao tsinjarao ho tarika madinika kokoa. Ary rehefa tonga ny fotoana fiaiken-keloka, dia tariho indray.

Hamporisihinay voalohany indrindra ny hanatanterahana fiaiken-keloka isam-batan'olona, ary tohizana amin'ny fiaiken-keloka iraisana avy eo, indrindra fiekena ireo fahotana toy ny tsy firehana sy ny tsy fiheverana hikatsaka fanahy ho an'i Kristy. Ity fotoan'ny fibebahana ity dia azo arahina amin'ny hira "Amazing Grace."

**Fotoam-bavaka ho an'ny Faritra Masina ao An-tokantrano:**

Eo am-pivavahana araka ireo loha-hevitra mikasika ny faritra masina an-tokantrano ianao, ary mety vavaka ho an'ny tokantranonao manokana na ho an'ny tokantranon'ny hafa izany; dia amporisiho amin'ny alalan'ny ohatra hasehonao ny tsirairay, mba hivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra, ka hitaky ireo teny fikasana voarakitra ao anatiny. Aoka ny antom-bavaka ho manokana sady mazava tsara! Mivavaha amim-pinoana! Ary avelao hitohy izany fotoana izany araka izay hitarihan'ny Fanahy Masina azy.

Aza misalasala manao hira hay tsara, izay mifanaraka amin'ny vavaka hasandratra mandritra ny fotoana hivavahana. "Amin'ny maha ampahan'ny asa fanompoana ara-pivavahana azy, ny hira dia mitovy lenta amin'ny fanompoam-pivavahana toy ny vavaka ihany. Raha ny marina dia marobe ny hira no vavaka." (*Education*, p. 168).

Amporisiho ny tarika mba hifanaiky amin'ny alalan'ny vavaka, ka hitalaho izay voasoratra ao amin'ny Matio 18:19.

**Ny Fotoana Fiarahan'ny Fianakaviana Mivavaka:**

Mandritra io tolakandro io, dia zarao isam-pianakaviana ny mpandray anjara mba hivavaka ao anatin'ny tarika misy azy mandritra ny 30 minitra ka hatramin'ny adiny iray. (Ampiasao ny fahendrenao hanapa-kevitra ny amin'ny halavam-potoana, na hiaraho manapaka ao anatin'ny vondrona ny amin'izany). Afaka miparitaka manodidina ny polipitra na manerana ny efitrano fivavahana izy ireo, na ihany koa mankany amin'ny toerana voatokana. Angataho anefa izy ireo avy eo, hiverina ka hikambana ao amin'ilay tarika fototra rehefa tonga ny fotoana voafaritra ho amin'izany.

**FANAMARIHANA: Ho an'ireo izay mety tsy manatrika ny fianakaviany**

Amporisiho ireo izay tsy misy afa-tsy izy no mambry ny fianakaviany tonga manatrika ny fotoana, mba hijanona ao amin'ny efitrano lehibe ary hiara-hivavaka ho an'ireo olon-tiana izay tsy eo na koa hivavaka ho an'ny fianakaviamben'ny fiangona. Raha ny marina, fianakaviana iray isika amin'ny maha fiangonana antsika! Raha ny marina, ho an'ny sasany, ny fiangonana angamba no hany fianakaviana tokana tena ananany. Azon'ireo mambra ireo hatao ihany koa ny mivavaka araka izay voasoratra ao amin'ny "Vavaka sy Teny Fikasana ho an'ny Faritra Masina ao An-tokantranonao" izay ampiasain'ny fianakaviana rahateo. (Mampirisika anao izahay hanendry mpitarika iray manokana izay afaka hiandraikitra ity tarika ity, raha mitokana hivavaka ny fianakaviana.)

Mazava ho azy fa ireo rehetra ireo dia soso-kevitra fotsiny hanampy anao amin'ny fanombohana, fa ny tena zava-dehibe dia ny hamelanao ny Fanahy Masina hitarika ny fotoam-bavaka amin'ny tolakandro!

Farano io fotoam-bavaka tolakandro io amin'ny alalan'ny fiarahan'ny rehetra indray, ka mandania fotoana amin'ny fisaorana sy fiderana.

Raha mila soso-hevitra bebe kokoa mikasika ny fitarihana vondrom-bavaka, tsidiho ny www.revivalandreformation.org ary jereo ao "Praying for Rain: A Mini Handbook for United Prayer" (Mivavaka ho an'ny Ranonorana: Tari-dàlana Fohy ho an'ny Vavaka Iraisana).

# Mivavaka ho an'ny Tokantranontsika (Drafitry ny Vavaka)

"Raha tsy Jehovah no manao ny trano, dia miasa foana ny mpanao azy" Salamo 127: 1

**FOTOAM-BAVAKA IRAISANA:**

• **DERAO ANDRIAMANITRA:** Atombohy ny fotoana fiarahana mivavaka amin'ny fiderana sy fankalazana an'Andriamanitra noho ny maha-Izy Azy. Afaka manasitrana, mampiorina ny fo torotoro sy ny tokantrano rava Izy. Azony atao koa ny mampiorina bebe kokoa ny fianakaviana efa mafy orina!
• **DERAO ANDRIAMANITRA NOHO NY AMIN'NY ANKOHONANAO:** Na inona na inona ady atrehinao amin'izao fotoana izao, dia manokàna fotoana hiderana an'Andriamanitra noho ny tsirairay avy izay nomeny ao amin'ny ankohonanao. Derao Izy noho ireo ankohonana mafy orina, izay namela fiantraikany teo amin'ny fiainanao noho ny fifandraisanao tamin'izy ireny.
• **FIAIKEN-KELOKA IRAISANA:** Rehefa izany, mirosoa amin'ny fotoanan'ny fiaiken-keloka iraisana, ka angataho Andriamanitra hamela antsika noho ny fitiavan-tenantsika sy ny avonavontsika ary ny famelantsika ny fahavalo hiorina ao an-tokantranontsika sy eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny maha fiangonana antsika. (Amporisiho ny olona hiaiky ny zavatra rehetra napetrak'Andriamanitra ao am-pon'izy ireo, kanefa aoka ny fahotana manokana isam-batan'olona mba ho an'ny isam-batan'olona ihany).
• **FIAIKEN-KELOKA MANOKANA:** Manokàna fotoana ho an'ny vavaka fiaiken-keloka hatao mangina sy isam-batan'olona manokana, ka angataho Andriamanitra hijery ny fo, ary hampitamberina ireo fahotana tsy mbola nangatahana famelan-keloka nefa tokony efa nangatahina.
• **VAVAKA HO AN'NY FARITRA MASIN'NY TOKANTRANON'IREO MPITARIKA NY FIANGONANA:** Mivavaha mba hametrahan'Andriamanitra fiarovana manodidina ny tokantranon'ireo mpitarika ny fiangonana, manomboka amin'ny pasitora eo an-toerana, ny loholona ary ny diakona, ary avy eo ho an'ireo mpitarika ao amin'ny federasiona sy ny fivondronambe. Matetika mantsy ny fahavalo dia manomboka ny fanafihany eo amin'ny faritry ny tokantrano! Mivavaha mba hofoanan'Andriamanitra ireo mety ho tanjon'ny fahavalo.
• **VAVAKA HO AN'NY FARITRA MASIN'NY TOKANTRANON'IREO MAMBRY NY FIANGONANA NA IREO MPANDRAY ANJARA AMIN'NY FOTOANA:** Raha azo atao dia mivavaha ho an'ny ankohonana tsirairay manatrika ny fotoana. Mivavaha ho an'ny ankohonanao manokana.
• **VAVAKA HO AN'NY FARITRA MASIN'NY TOKANTRANON'IREO MAMBRA NIHEMOTRA:** Mivavaha manokana ho an'ny fiainan'ireo ankohonana izay tsy tonga mivavaka intsony. Mivavaha mba hampodian'Andriamanitra indray ireo ankohonana ireo ao am-piangonana.

• **VAVAKA HO AN’NY FARITRA MASIN’NY TOKANTRANON’IREO MPITONDRA FIRENENA:** Mivavaha mba hiasan’Andriamanitra ao an-tokantranon'ireo tompon'andraikim-panjakana. Ny fahamasinan'ny tokantrano sy ny fanambadiana dia hiharan’ny fanafihana mafy noho ny hatramin'izay, ka mila mpitarika izay hijoro matanjaka hiady ho an'ny fianakaviana isika. Kanefa tsy maintsy manomboka amin'Andriamanitra miasa ao an-tokantranon’izy ireny izany.
• **VAVAKA HO AN’NY FARITRA MASIN’NY FIANAKAVIAMBEN’NY FIANGONANA:** Ho an'ny sasany, ny mambran'ny fiangonana no hany ankohonana izay ananany ao amin’ny finoana. Mivavaha mba hiasan’Andriamanitra ka ahatonga ny fianakaviamben'ny fiangonanao ho mafy orina, ary mivavaha mba hanampiany anao hanaisotra ny fifandirana sy ny adilahy rehetra. Te hanapaka ny fatoram-pitiavan’ny fiangonana ny devoly, kanefa Andriamanitra dia maniry ny hanamafy orina azy ireo indray!

**FOTOANA FIARAHA-MIVAVAKY NY FIANAKAVIANA:** Aoka hiparitaka manerana ny efitrano ny ankohonana tsirairay mba hiara-hivavaka.

• **FIDERANA ATAON’NY FIANAKAVIANA:** Raha mbola samy ao anatin’ny faritry ny ankohonany, dia aoka samy hidera an'Andriamanitra noho ireo zava-tsoa mikasika ny tsirairay avy ao. Misaotra an'Andriamanitra noho ny fomba nitahiany anao sy nanampiany anao hitombo tao anatin’iny taona lasa iny. Aoka hivantana manokana ny fisaoranao an'Andriamanitra.
• **FIAIKEN-KELOKY NY TOKANTRANO:** Angatahao Andriamanitra hamela ny helokao noho ny fomba mety nandratranao  ny vadinao, ny zanakao, na ny ankohonanao tamin'ny alalan'ny teny, ny fihetsika, na ny safidy nataonao. Aoka holazainao mivantana izay nataonao. (Angataho ireo mambry ny ankohonanao mba hamela anao amin'izay rehetra bitsihin'Andriamanitra ao an-tsainao).
Angataho Andriamanitra hamela anao noho ny hambom-po sy ny fitiavan-tena ary noho ireo fotoana niheveranao bebe kokoa hiaro ny zonao fa tsy nikarakara ireo olon-tianao sy ny zavatra nilainy avy aminao.
o Angataho Andriamanitra hamela anao noho ny tsy nanehoanao taratra ny fitiavany sy ny famindram-pony (araka izay voalaza ao amin'ny 1 Jaona 4:16) teo amin’ny ankohonanao. (Angataho ny mambry ny ankohonanao hamela anao amin'ireo zava-drehetra mitamberina ao an-tsainao ireo).
• **VAVAKY NY ANKOHONANA:** Mivavaha araka ireo " Vavaka sy Teny Fikasana ho an’ny Faritra Masina ao An-tokantranonao," ary manokana fotoana hangatahana ireo mambry ny ankohonanao mba hamela anao noho ny fomba tsy nampiharanao ireo teny fikasana sy toro-làlana ara-Baiboly tokony nataonao.
o Mivavaha mba tsy hanananao tokantrano sambatra fotsiny, fa mba hanananao koa tokantrano mafinaritra izay manampy ny hafa ho tonga ao amin'ny fanjakan’Andriamanitra noho ny fijoroana vavolombelona ataonao.
o Mivavaha mba hanovan’Andriamanitra ho tsara ireo ratsy rehetra izay tian’ny fahavalo ho tanterahina (Eksodosy 50:20).
• **FISAORANA ATAON’NY ANKOHONANA:** Farano amin'ny fiderana an'Andriamanitra noho ny zavatra azony hatao sy ho hataony rehefa manolo-tena sy milefitra eo Aminy ianao.

Misaora an'Andriamanitra hatrany noho ny ankohonanao sy ny tombotsoa ahafahanareo miara-miomana ho any an-danitra. Manolora-tena hanohy hiara-mivavaka isan'andro raha azo atao, ary ataovy loha-laharana ao amin’ny ankohonanao Andriamanitra.

**FOTOANAN’NY VAVAKA HO FIANGONANA MANERAN-TANY:** Ho fanampin’ny vavaka ho an'ny fianakaviam-ben’ny fiangonantsika eo an-toerana, dia tsarovy ireo antom-bavaky ny Fiangonana Maneran-tany mandritra io Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina io.

• Miangavy anao hitondra am-bavaka ireo Folo Andro Fiaraha-mivavaka ho avy. Mivavaha mba ho maro no handray anjara ka ireo **trano fiangonantsika maneran-tany dia ho lasa trano fivavahana**. Mitalahoa ho an’ny tokantranontsika, ny fiaianam-panambadiantsika, ary ny zanatsika, ary ihany koa ireo firenena manodidina antsika. (Mba ahafantaranao bebe kokoa, tsidiho ny www.tendaysofprayer.org)
• Miangavy anao hivavaka ho an’ireo mambra vaovao mba ahatonga azy ireo ho avy ao am-piangonana mandritra ny **ezaka fitoriana Mambra Rehetra Mandray Anjara** izay hatao any Japon amin'ny volana May 2018. Mivavaha hisian’ny mpiasa bebe kokoa amin'ny fotoam-pijinjana.
• **Mivavaha ho an’ny Fanahy Masina** mba hirotsaka amin'ny fiangonantsika, ka ho vita ny asa ary afaka hody any amin'ny tranontsika any an-danitra isika.

Hafatra Natokana ho an'ny Andro Fiaraha-mivavaka sy Fifadian-kanina, 6 Janoary 2018

# Ny Faritra Masina ao An-tokantrano

Nataon'i by Ellen White

Misy faritra masina manodidina ny tokantrano tsirairay izay tokony harovana. Tsy misy olona hafa manana fahefana ao amin'izany faritra masina izany. Ho zavatra rehetra ho an'ny andaniny sy ankilany avy ny mpivady lahy sy vavy. Tsy tokony hisy tsiambaratelo hafenin'ny vavy amin'ny lahy ka ho fantatry ny hafa, ary ny lahy dia tsy tokony hanana tsiambaratelo hafeniny amin'ny vadiny nefa holazainy amin'ny hafa. Ny fon'ny vavy dia tokony ho fasan'ny fahadisoan'ny lahy, ary ny fon'ny lahy no ho fasan'ny fahadisoan'ny vavy. Tsy tokony hisy antokom-pirahalahiana na oviana na oviana hiditra amin'ny vazivazy noho ny fihetseham-pon'ny hafa. Tsy tokony hianjera amin'ny vadiny ny lehilahy na ny vehivavy amin'ny fanatanjahatena na amin'ny fomba hafa, satria matetika ny miresaka an'io adaladala io ary ny mety ho toa tsy misy dikany dia manjavona amin'ny fifampiandaniana sy ny fitsabahana. Nasehoko fa tokony hisy ampinga masina manodidina ny fianakaviana tsirairay.

Tokony hoheverina ho toerana masina ny faritra ao an-tokantrano, tandindon'ny lanitra, faritra ahitantsika ny tenantsika. Mety hanana sakaiza sy olom-pantatra isika, nefa aoka izy tsy hisalovana amin'ny fiainana ao an-tokantranonao. Tokony hahatsiaro mafy ny maha-tompony antsika isika, ary izany no hitondra fiadanana sy fialan-tsasatra ary fahatokiana.

Aoka hivavaka izay ao amin'ny faritra masina ao an-tokantrano mba hohamasinin'Andriamanitra ny lelany, ny sofiny, ny masony, ary ny rantsana rehetra eo amin'ny tenany. Rehefa mifanehitra amin'ny ratsy dia tsy voatery ho resin'ny ratsy. Noho izay nataon'i Kristy dia azo atao ny manana toetra amam-panahy mameroveron'ny fahatsarana . . . .

Firy ireo manala baraka an'i Kristy sy tsy mampahafantatra ny tena toetrany eo amin'ny faritra masina ao an-tokantrano. Firy no tsy mampiseho faharetana sy fandeferana ary famelan-keloka sy fitiavana marina! Betsaka no manana ny zavatra tiany sy tsy tiany ka mihevitra fa afaka manaram-po amin'izany fironan-dratsiny izany fa tsy mba hampiharihary kosa ny sitrapon'i Kristy sy ny asany ary ny toetrany. Feno hatsaram-panahy sy fitiavana ny fiainan'i Kristy. Moa ve isika mitombo eo amin'ny toetrany araka an'Andriamanitra isika?

Aoka ny raim-pianakaviana sy ny renim-pianakaviana hanao voady masina amin'Andriamanitra, izay nilazain'izy ireo ho tiavina sy hankatoavina; ka noho ny

fahasoavan'Andriamanitra dia tsy hifanditra izy ireo, fa amin'ny alalan'ny fiainana sy ny toe-pon'izy ireo kosa dia haneho toetra izay irian'izy ireo ho ankamamin'ny zanany.

Tokony hitandrina ny ray aman-dreny tsy hamela ny toe-tsaina miadiady handadilady ao an-tokantrano; satria iray amin'ireo fomba fiasan'i Satana hampandraisany ny toetrany izany. Raha miezaka ny ray aman-dreny hampanjaka ny firaisana ao an-tokantrano amin'ny alàlan'ny fampidirana ireo fitsipika izay mifehy ny fiainan'i Kristy, dia ho voaraoka ny fifandirana, ary ny firaisana sy ny fitiavana no hitoetra ao. Handray anjara amin'ny fanomezan'ny Fanahy Masina ny ray aman-dreny sy ny ankizy.

Aoka hotsaroan'ny mpivady lahy sy vavy fa efa ampy ny enta-mavesatra entiny ka tsy mampahory ny fiainany indray amin'ny famelana ny fisarahan-tsaina ho tafiditra no tokony hataon'izy ireo. Ireo izay manome toerana ho an'ny fisaratsarahana kely dia manasa an'i Satana hiditra ao an-tokantranony. Voarain'ny ankizy ny fanahin'ny fifandirana amin'ny zavatra tsy dia misy antony akory. Manao ny anjarany ny herin'ny ratsy hahatonga ny ray aman-dreny sy ny ankizy tsy hahatoky eo anatrehan'Andriamanitra.

Na dia mety hitranga aza ny fitsapana eo amin'ny fiainam-panambadiana, dia aoka hihazona ny fanahiny eo amin'ny fitiavan'Andriamanitra ny mpivady lahy sy vavy. Tokony hoheverin'ny raim-pianakaviana ny hihevitra fa mendrika tolorana hatsaram-panahy, halemem-panahy, ary fanehom-pitiavana ny renin'ireo zanany.

**Ny Tsiambaratelon'ny Firaisam-pianakaviana**

Ny fisarahana amin'i Kristy no mahatonga fisarahana sy tsy fifanarahana eo amin'ny fianakaviana sy ao am-piangonana. Ny fanantonana akaiky an'i Kristy no mahatonga ny fifanantonana etiety kokoa eo amin'ny fianakaviana. Ny tsiambaratelon'ny firaisana marina ao amin'ny fiangonana sy ao amin'ny fianakaviana dia tsy ny fahaizana mifampiraharaha, na fahaiza-mitantana, na ezaka mihoatra ny hery maha-olombelona hoeti-mandresy ny zava-tsarotra—eny fa na dia betsaka amin'ireo aza ny tokony hatao—dia ny firaisana amin'i Kristy no tena ilaina.

Farito ny faribolana iray lehibe, ary avy eo amin'ny sisiny dia asio tsipika maro mankeo afovoany. Arakakaraka ny hanatonan'ireo tsipika ireo ny eo afovoany no mahatonga azy ireo hifanakaiky ihany koa. Toy izany ihany koa ny fiainana kristiana. Arakaraky ny fanantonantsika akaiky an'i Kristy no mampifanantona akaiky antsika ihany koa. Omem-boninahitra Andriamanitra raha toa ka mifandray amin'ny fihetsika mirindra ny vahoakany.

Ny fianakaviana dia tahaka ny tranom-barotra iray, na fikambanan'asa iray izay masina, ka ny mambra rehetra ao aminy dia samy mandray ny anjara asany ho endriky mampiseho ny fifanampian'izy ireo tsirairay avy. Ny asa ao an-tokantrano dia miroso amin'ny filaminana toy izay mitranga amin'ny faritra samihafa misy eo amin'ny milina iray tsara voatra.

Tokony ho tsapan’ny mambra tsirairay ao amin'ny fianakaviana fa misy andraikitra mitambaby amin’ny tenany manokana ny hanatontosa ny anjarany amin'ny fanampiana fiadanana sy filaminana ary firindrana tsara eo amin’ny fianakaviany. Tsy misy tokony hiasa ka hanohitra ny iray ny iray hafa. Tokony hiray hina ny rehetra ka hanolo-tena ho amin'ny asa tsaran’ny fifampaherezana; haneho fahalemem-panahy sy fandeferana ary faharetana; ka hiteny amin’ny feo malefaka sy tony, handositra lavitra ny fikorontanana; ka ny tsirairay dia samy manao izay rehetra azony atao hanamaivana ny enta-mavesatra eo amin’ny ny renim-pianakaviana . . . .

Ny tsirairay avy ao an-tokantrano dia tokony hahatakatra ny anjara fiaraha-miasa horaisiny miaraka amin’ny hafa. Aoka ny rehetra, manomboka amin'ny zaza enina taona no ho miakatra hahatakatra fa takiana izy ireo ny hizaka ny anjarany eo amin'ny enta-mavesatry ny fiainana.

Izaho dia tsy maintsy mitombo amin'ny fahasoavana ao an-trano, sy amin’ny toerana rehetra misy ahy, mba ahazoako mampisy hery ara-moraly ireo zava-drehetra ataoko. Tsy maintsy miambina ny fanahiko, ny zavatra ataoko, ary ny teniko aho ao an-tokantrano. Tsy maintsy manokana fotoana hitomboana ara-pahalalana aho, amin’ny fanofanana sy fanabeazana ny tenako amin'ireo fitsipika tena marina. Tsy maintsy ho ohatra ho an'ny hafa aho. Tsy maintsy mandinika ny tenin'Andriamanitra andro aman'alina aho ary mampihatra izany eo amin'ny fiainako. Ny sabatry ny Fanahy dia ny Tenin'Andriamanitra, no hany sabatra izay azoko ampiasaina amim-pahasahiana.

*Notsongaina avy amin’ny *Adventist Home*, pejy 177-180

# Fitsipiky ny Fifadian-kanina

**Nosoratan'i Dr. Derek Morris**

A. Fifadian-kanina ao amin'ny Soratra Masina

- a. Karazana fifadian-kanina
  - i. Fifadian-kanina ara-dalàna—Lioka 4:1, 2.
  - ii. Fifadian-kanina amin'ny ampahany—Daniela 10:3.
  - iii. Fifadian-kanina tanteraka—Estera 4:16; Asan'ny Apostoly 9:9.
  - iv. Fifadian-kanina mihoatra ny herin'olombelona—Deuteronomy 9:9.
- b. Ao amin'ireo fampianaran'i Jesosy
  - i. Hianaro ny Matio 6:16-18 sy 9:14, 15.
  - ii. Inona no azontsika hianarana mikasika ny fifadian-kanina avy amin'ireo fampianaran'i Jesosy?

B. Fanazavana ny fifadian-kanina ara-panahy ao amin'ny asa soratr'i Ellen White

a. "Ny fifadian-kanina izay ambaran'ny tenin'Andriamanitra dia mihoatra noho ny endrika ivelany. Tsy midika ho fandavana sakafo, fitafiana lamba gony, fanosorana lavenona ny loha izany. Izay tena mifady **amin'ny alahelo noho ny fahotana** dia tsy hisehoseho foana. Ny tanjon'ny fifadian-kanina izay angatahan'Andriamanitra ataontsika dia tsy hanosika ny vatantsika ho amin'ny fahotan'ny fanahy, fa hanampy antsika kosa ahita ny toetra mampalahelo eo amin'ny fahotana, amin'ny fanetrena ny fo eo anatrehan'Andriamanitra sy amin'ny fandraisana ny fahasoavany mamela heloka" (*Thoughts from the Mount of Blessing*, p. 87).

b. "Ny fifadian-kanina marina tokony hanasana ny rehetra, dia ny tsy fikasihana karazan-tsakafo mahazatra, ary fampiasana araka ny tokony ho izy ny sakafo mahasoa sy tsotra, izay nomen'Andriamanitra be dia be tokoa. Tokony tsy hihevitra be loatra ny sakafo ara-nofo hohaniny sy hosotroiny ny olona fa hifantoka bebe kokoa amin'ny sakafo avy any an-danitra, izay hanome tanjaka sy hery ho amin'ny fanandramana ara-pivavahana rehetra" (*Counsels on Diet and Foods*, p. 188).

c. "Ankehitriny sy mandra-pahatongan'ny faran'ny fotoana, ny olon'Andriamanitra dia tokony hifantoka kokoa, hifoha kokoa, ary tsy tokony hitoky amin'ny fahendreny manokana, fa amin'ny fahendren'ny Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana andro fifadian-kanina sy fivavahana izy ireo. Tsy ilaina ny tsy fikasihana sakafo tanteraka, fa tokony hihinana ampahany kely amin'ny sakafo faran'ny tsotra kosa izy ireo" (*Counsels on Diet and Foods*, pejy. 188, 189).

d. "Amin'ny zavatra hafa ihany koa, ny fifadian-kanina sy ny vavaka dia tokony hatao sady ilaina. Eo an-tànan'Andriamanitra ny zavatra toy ireny dia fomba hanadiovana ny fo sady fampiroboroboana saina vonon-kandray. Mahazo valim-bavaka isika satria

manetry ny fanahintsika eo amin'Andriamanitra" (*Counsels on Diet and Foods*, pejy. 187, 188).
e. "Ny fanahin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana marina dia fanahy izay manolotra ny saina, ny fo ary ny sitrapo eo amin'Andriamanitra" (*Counsels on Diet and Foods*, p. 189).
f. "Ny fifadian-kanina rehetra eo amin'izao tontolo izao dia tsy afaka hisolo toerana ny fahatokiana am-pahatsorana ny Tenin'Andriamanitra" (*Counsels on Diet and Foods*, p. 189).

C. Ny tanjon'ny fifadian-kanina ara-panahy

a. Manampy antsika hampifantoka ny eritrerintsika eo amin'Andriamanitra ny fifadian-kanina.
b. Miantso antsika hivavaka ny fifadian-kanina.
c. Mampiharihary ireo zavatra mifehy antsika ny fifadian-kanina.

D. Manao ahoana ny fomba tokony hifadiantsika hanina?

a. Miomana hanao fifadian-kanina amin'ny ampahany mandritra ny 24 ora.
b. Mihinàna fatran-tsakafo tsotra kely, na azonao hatao koa ny misotro ranomboakazo fotsiny.
c. Misotroa rano tsotra betsaka.
d. Atomboy amin'ny alalan'ny vavaka ny fifadian-kanina ataonao rehefa avy misakafo maraina tsara ianao. Ny ampitso maraina kosa dia farano amin'ny fihinanana voankazo maivana sy fotoam-piderana ary fisaorana an'Andriamanitra ny fifadian-kanina ataonao! Tsarovy fa tsy tokony "hilazalaza" mikasika ny fifadian-kanina ataonao ianao. Ny fihetsika toy izany dia mitarika ho amin'ny fireharehana ara-panahy ary manala eo aminao ireo fitahiana manokana izay tian'Andriamanitra omena anao mandritra izany fotoana izany.
e. Hevero ny hanokana andro iray isan-kerinandro ho amin'ny fifadian-kanina ara-panahy toy izany.

E. Miomàna hanao fifadian-kanina ara-dalàna na tanteraka amin'ny fotoana hanananao filana lehibe

a. Amin'ny fotoan-tsarotra dia mety hitarika anao ho amin'ny fifadian-kanina ara-dalàna na tanteraka Andriamanitra.
b. Aoka ho fantatrao fa tsy maintsy mametra ny fihetsiketsehana ataonao ianao mandritra ny fifadian-kanina toy izany. (Tokony hanontany ny dokotera mpitsabo anao ianao raha toa ka mety hampidi-doza ny fahasalamanao ny fifadian-kanina toy izany).

F. Aza mafana fo diso toerana—tsy misy hery ara-panahy ao anatin'ny fifaninanana hifady hanina

a. Nanoratra i Ellen White manao hoe: "tsy nantsoina hifady hanina efapolo andro ianao. Efa nanao izany fifadian-kanina izany ho anao ny Tompo tany an'efitry ny fakam-panahy. Tsy hisy ny hery ara-panahy ao amin'ny fifadian-kanina toy izany; fa misy hery ara-panahy kosa ao amin'ny ran'i Kristy" (*Counsels on Diet and Foods*, p. 189).

Dr. Derek Morris dia filohan'ny "Hope Channel" sady mpanentana ny fandaharana "Hope Sabbath School TV."

# Vavaka sy Teny Fikasana ho an'ny Faritra Masina ao An-tokantranonao

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO, fa Ianao no namorona ny ankohonako. Hoy Ianao hoe "maroa fara sy mihabetsaha." Koa mangataka aminao aho mba hampitombo ny fitahiam-panahy ao an-tokantranonay ary ataovy mafy orina izany ho voninahitrao.**

"Raha tsy Jehovah no manao ny trano, Dia miasa foana ny mpanao azy." Salamo 127:1

"Andriamanitra mampitoetra an-trano izay irery tena; mamoaka ny mpifatotra ho amin'ny fanambinana Izy; fa ny maditra hitœtra amin'ny tany karankaina." Salamo 68:6

"Ary Andriamanitra Tsitoha anie hitahy anao ka hahamaro fara anao sy hampitombo anao, mba ho tonga firenena maro ianao" Genesisy 28:3

"Dia hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa ianao" Genesisy 12:2

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO, noho ny fanomezanao ahy ny ankohonako. Ampio aho hahafantatra ny fomba tokony hitiavako sy hikarakarako ireo akaiky ahy ireo. Ampio aho ho mahatoky. Ampio aho hitoetra ho tsara indrindra ao an-tokantranoko mialoha ny hikatsahako izao tontolo izao.**

"Ary izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky koa amin'ny be; ary izay tsy marina amin'ny kely indrindra dia tsy marina koa amin'ny be." Lioka 16:10

"Ataovy manjaka ao an-tokantranonao ny rivotra manitry ny fifampiheverana. Raha tonga mifampiolonolona ianareo, ka lasa tsy Kristiana ara-Baiboly intsony, dia aoka hiova fo . . . Raha tianao ny ho olo-masina any an-danitra ianao, dia tsy maintsy ho masina eto an-tany aloha ianao." *Adventist Home*, p. 16

"Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, Izay nanisiana tombo-kase anareo ho amin'ny andro fanavotana. Esory aminareo ny fo-lentika rehetra sy ny fahavinirana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy ary ny lolompo rehetra; ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy ianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy." Efesiana 4:30-32

"Mifampitondrà izay mahavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny lalàn'i Kristy." Galatiana 6:2

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO satria maniry hitoetra ao an-tokantranoko Ianao. Asehoy ahy ny fomba ahatonga ny tokantranonay ho "sombin-danitra eto an-tany," izay tian'ny anjely hovangiana. Asehoy ahy ny fomba hitenena am-pitiavana, hamaliana am-pitiavana, ary hanompoana tsy misy fitiavan-tena ireo rehetra ao amin'ny faritra masina ao an-tokantranoko.**

"Ny teny atao amin'ny antony dia poma volamena ao anaty vilia volafotsy tsara soratra." Ohabolana 25:11

"Ry malala, aoka hifankatia isika; fa avy amin'Andriamanitra ny fitiavana, ary Izay rehetra tia no naterak'Andriamanitra sady mahalala an'Andriamanitra." 1 Jaona 4:7

"Ataovy sombin-danitra eto an-tany ny tokantranonao. Azonao atao izany raha tena irinao. Azonao atao ny manao ny tokantranonao ho toerana mahafinaritra sy mahafaly indrindra eto an-tany ho an'ireo zanakao." *Sermons and Talks*, boky faha-2, p. 200

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO fa mahari-po aminay Ianao. Mamelà ahy noho ireo fotoana nandehanako araka ny làlako raha toa ka tokony ho nanaiky ho faty amin'ny izahoko aho. Asehoy ahy ny fomba ahafahako manolotra ny fiainako am-pitiavana, toy izay nataonao ho ahy!**

"Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo." Jaona 15:12

"Ny Tompo anie hanampy anao hahatsapa izay tsy mbola tsapanao mihitsy hatramin'izay. Izy anie hanampy anao ho faty amin'ny izaho-nao, ary handray ny fanahin'ny fanavaozana ao an-tokantranonao ianao ahazon'ireo anjelin'Andriamanitra manao asa fanompoana eo aminao ka ho vonona ho an-danitra ianao.." *Testimonies for the Church*, boky faha 2, p. 376

"Ny fomba fivavahana araka an'i Kristy dia hitarika antsika ho tsara fanahy sy mahalala fomba, ary tsy hampifikitra antsika amin'ny hevitsika manokana. Tokony ho faty amin'ny izaho isika ka hihevitra ny hafa ho tsara kokoa noho ny tenantsika." *Testimonies for the Church*, boky faha-3, p. 528

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO fa nanome ohatry ny fitiavana tonga lafatra ho anay Ianao. Ny fitiavana tonga lafatra dia manombo ny izaho eo amin'ny hazo fijaliana fa tsy mba manombo ny hafa. Tompo ô, mbola lavitra ny diako; meteza hanova ahy, hampitombo ahy, hanampy ahy ho Kristiana araka izay niantsonao ahy, na dia ao an-tranoko izay mirindrim-baravarana ka tsy misy mahita afa-tsy Ianao sy ireo olon-tiako ihany.**

"Dia hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy." Matio 16:24

"Homboy eo amin'ny hazo fijaliana ny izaho, fa aza mikatsaka ny hanombo ireo rahalahinao. Hoy Kristy hoe: "raha misy olona te hanaraka Ahy, 'aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy' (Matio 16:24)." *Letter* 11 (1905)

"Ny saina tsy miovaova dia harovanao ao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao izy." Isaia 26:3

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO fa nanome ohatry ny tena fanompoana Ianao. Raha mihevitra ny hotompoina aho, dia ampio kosa hiezaka ho lohalaharana amin'ny *fanompoana* ny ankohonako. Miangavy aho mba ho santatry ny lanitra eto an-tany anie ny tokantranonay.**

"Ary izay te-ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo." Matio 20:27

"Tokony hatao tahaka izay rehetra voafaoka amin'ity teny hoe lanitra ity ny tokantrano. Tokony ho lanitra kely eto an-tany izany, ho toerana fikolokoloana fifakantiavana fa tsy toerana hikarohana izay handravana izany. Miankina amin'ny fikolokoloana ny fitiavana, ny firaisam-po ary ny fifanajana marina izany fahasambarantsika izany. Ny karazan-danitra tsara indrindra dia tokantrano izay hanjakan'ny Fanahin'Andriamanitra. Raha tanteraka ao ny sitrapon'Andriamanitra, dia hifanaja ny mpivady sady hikolokolo fitiavana sy fifampitokisana." *Adventist Home*, p. 15

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO fa afaka mampianatra ahy amin'ny alalan'ny vavaka Ianao mba hanohana marina ireo olon-tiako. Enga anie ireo vavaka asandratro ho tenim-pitiavana sy ho loharano fampaherezana ireo ao an-tokantranoko, na mino Anao izy ireny na tsy mino. Ampianaro hivavaka sy hiara-mivavaka amin'ny ankohonako aho isanandro.**

"Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy; ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy." 1 Jaona 5:14, 15

"Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia." Jaona 13:35

"Aoka hahazo ny tena fandresena marina ho an'ny tenanao sy ny ankohonanao ianao isa-maraina sy isan-kalina. Aoka tsy hanakana anao ho amin'izany ny asanao andavanandro. Manokàna fotoana hivavahana, ka rehefa mivavaka ianao dia minoa fa mihaino Andriamanitra. Aoka ho laroanao finoana ny vavaka ataonao. Mety tsy ho tsapanao mandrakariva ny valim-bavaka; kanefa izany finoana no notsapaina." *Counsels for the Church*, p. 259

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO fa vatolampy sy fototra ho ahy Ianao. Ampio mandrakariva aho ho vato azo diavina (fa tsy ho vato misakana) ka hampahery ireo ao an-tokantranoko ho tonga amin'ny fifandraisana feno fitiavana lalina miaraka Aminao. Ao am-piangonana, noho ny firaisanay amin'ny maha tokantrano anay, dia enga anie ho tonga hery ho voninahitrao izahay!**

"Fahendrena no anaovana trano; Ary fahalalinan-tsaina no mampaharitra azy." Ohabolana 24:3, 4

"Ny olona izay ho tonga isan'ny fianakavian'Andriamanitra any an-danitra, dia tsy maintsy mifandray amin'ny maha ankohonana iray azy ireo eto an-tany. Ny hery rehetra any an-danitra sy ety an-tany dia hampikambana ny ezaka ataon'izy ireo ho amin'ny fiovampon'ny fanahy." *Letter* 150 (1907)

"Ny fitiavan-tena, ny avonavona ary ny fiheveran-tena mahavita zavatra dia mitoetra eo amin'ny fototry ny fisedrana lehibe indrindra sy ny fifandirana, izay efa nisy hatramin'ny ela teo amin'ny tontolo ara-pivavahana. Imbetsaka ilay anjely no niteny tamiko hoe: 'mifandraisa hatrany, mifandraisa hatrany, miray saina, ho amin'ny fitsaràna tokana. 'Kristy no Mpitarika, ary mpirahalahy ianareo; koa manaraha Azy." *Christian Leadership*, p. 11

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO fa manome herim-po sy fahasahiana ho an'ny ankohonako Ianao, ka hahatonga anay hijoro matanjaka ho Anao na inona na inona olana sy tafiotra hatrehanay amin'ny ho avy. Ampio tsy ho menatra noho ny Anaranao izahay!**

"Dia hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy." Matio 16:24

"Ary amin'izany na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra." Matio 10:32

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO fa azonao hatanjahina eo amin'izay mampalemy azy ny ankohonako. Azonao hafahina amin'izay irin'i Satana hagenjana anays izahay. Azonao atao ho mpandresy mahery ho Anao izahay.**

"Handroso eo alohanao Aho ary handravona ny mikitoantoana sy hanorotoro ny varavarana varahina ary hanapatapaka ny hidy vy; Dia homeko anao ny rakitra ao amin'ny maizina sy ny harena nafenina ao amin'ny mangingina, mba hahafantaranao fa Izaho no Jehovah Izay miantso anao amin'ny anaranao, dia Andriamanitry ny Isiraely." Isaia 45:2, 3

"Aoka hivavaka izay ao amin'ny faritra masina ao an-tokantrano mba hohamasinin'Andriamanitra ny lelany, ny sofiny, ny masony, ary ny rantsana rehetra eo amin'ny tenany. Rehefa mifanehitra amin'ny ratsy dia tsy voatery ho resin'ny ratsy. Noho izay nataon'i Kristy dia azo atao ny manana toetra amam-panahy mameroveron'ny fahatsarana." *Adventist Home*, pejy. 177, 178

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO fa Ianao irery no afaka mameno ny fonay sy manome anay izay ilainay. Enga anie tsy ho mora afa-po ara-panahy izahay, fa hangetaheta mandrakariva fiaraha-mandeha lalina dia lamina miaraka Aminao. Ataovy loharano mampiboiboika fiainana mandrakizay izahay.**

"Izaho no Jehovah Andriamanitrao, Izay nitondra anao niakatra avy tany amin'ny tany Egypta; atanatanao ny vavanao, dia hofenoiko." Salamo 81:10

"Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay." Jaona 4:14

**TOMPO Ô, MIDERA ANAO AHO fa ho avy Ianao hitondra fiainana sy fitiavana be dia be. Ampio izahay handeha maily roa ho an'ny tsirairay avy aminay araka izay efa nataonao. Ampio mba haneho taratra anao izahay!**

"Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be." Jaona 10:10

"Ry malala, raha izany no nitiavan'Andriamanitra antsika, dia mba tokony hifankatia kosa isika. Tsy mbola nisy olona nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana. Raha mifankatia isika, dia mitoetra ato amintsika Andriamanitra, ary tanteraka ato amintsika ny fitiavany. Izao no ahafantarantsika fa mitœtra ao aminy isika, ary Izy ato amintsika, dia ny nanomezany antsika ny Fanahiny . . . Isika tia, satria Izy efa dia antsika taloha." 1 Jaona 4:11-13, 19

"Izao no ahafantarantsika ny fitiavana, satria Izy no nanolotra ny ainy hamonjy antsika; ary isika kosa mba tokony hanolotra ny aintsika hamonjy ny rahalahy." 1 Jaona 3:16

Raha tianao ny hahazo ireo karatra misy teny fikasana ho an'ny ankohonanao, tsidiho ny: www.revivalandreformation.org.